« Marathon international de Tana »

# Hifanindran - dalana ny fanatanjahantena sy ny fizahantany

**Omaly antoandro no nanao valan - dresaka ho an ' ny mpanao gazety tetsy amin ' ny « Hôtel de Ville » Analakely, ny filohan ' ny federasion ' ny atletisma, Andriamahazo Norolalao sy ny teknisiana miaraka aminy eo anivon ' izany rafitra izany ary ny orinasa mpikarakara ny « Marathon international de Tana », notronin ' ireo mpanohana. Tamin ' izany no nahafantarana, fa mandroso ny fanomanana amin ' izao telo andro mialoha ny fifaninanana izao. Zava - telo loha no hiara - dalana amin ' io alahady io, dia ny fanatanjahantena, ny fizahantany sy ny fiarovana ny tontolo iainana.**




Vonona ireo mpanohana amin' ny teny nomen' izy ireo avy momba ny fandraisany anjara ao anatin' izao andiany faha - 15 izao. Raha tsorina, tsy nisy ny nitsoaka an - daharana, fa ao avokoa ireo mpanohana, tsy miala vehana ihany koa ny mpikarakara, tahaka izany koa ny tanànan' Antananarivo izay mampiantrano ny fifaninanana miaraka amin' ny ministeran' ny Tontolo iainana. Ity farany izay manokana io andro io mba hanomezan - danja ny tontolo iainana. Rahampitso 10 oktobra rahateo dia efa hisy ny fanokafana ny hetsika etsy anoloan' ny Lapan' ny tanàna, ka hampahafantarina mialoha amin' io ny fanaovana ny araben' Antananarivo ho toerana anjakan' ny dia an - tongotra amin' io alahady io. Izany hoe, tsy voarara ny fampiasana fiarakodia, fa entanina kosa mba hihena faran' izay azo atao. Ireo izay tsy maintsy mampiasa ihany no hanao izany. Ny lalana hizoran' ny mpihazakazaka kosa, voarara ny fandehanan'ny fiara amin' ny arabe manontolo, fa ny ilany ihany no azo ampiasaina. Hisy karazany maromaro rahateo ny halavirana hifaninanana ka ilay 42 km 195 m no lava indrindra ary zara fa misy 1 km 500 m ny akaiky indrindra. Ity farany dia natao handraisan' ny rehetra anjara. Ireo halavirana rehetra ireo dia samy hahatsiarovana fa mila hajaina ny tontolo iainana. Homen - danja ihany koa anefa ny fizahantany ary izay no mahatonga ny *« Ortana »* ho anisan' ny azo anatanterahana ny fisoratana anarana hatramin' ny anio hariva. Ireo teratany keniana roa dia rahampitso vao ho fantatra ny fandraisany anjara na tsia, satria rahampitso no misy sidina avy any Nairobi ho tonga eto amintsika. Mbola hitohy hatramin' ny rahampitso etsy anoloan' ny Lapan' ny tanàna rahateo ny fisoratana anarana, fotoana izay hisian' ny fanentanana samihafa manodidina ity hetsika ity no koa hampahafantarana misimisy kokoa momba ny fiarovana ny tontolo iainana. Hatry ny omaly, fantatra fa misy teratany Renioney efa nisoratra anarana handray anjara amin' ny *« Marathon »* sy amin' ilay halavirana 10 km. Betsaka kosa ireo teratany vahiny monina eto amintsika no efa nisoratra anarana. Ny folo amin' ireo dia teratany sinoa avokoa. Ity farany izay ahitana orinasa roa manohana ny fikarakarana dia ny *« Huawei sy ny Deway security »*.

**M. R.**